

## FAMPIASANA NY TENY "only"

Raha raisina amin'ny teny Malagasy ny "only" dia azo adika amin'ny hoe "ihany" na "irery" izay teny maneho fahatokanana amin'ny teny Anglisy. Ilàna fitandremana tsara ny fampiasana azy ao anaty fehezanteny mba tsy handiso ny hevitra tiana ambara. Mipetraka eo alohan'izay teny tiana hotsindriana na hampiasana azy no tsy maintsy ipetrahan'ny "only" amin'ny ankapobeny.

- only me / izaho ihany
- only apples / paoma ihany
- only at a party / any amin'ny fety ihany
- only working / miasa ihany
- **Only I** have a guitar in my family. / Izaho ihany no manana gitara ao amin'ny ankohonako.
- I **only have** a guitar but I can't play it. / Manana gitara fotsiny aho fa tsy mahay mitendry.
- I have **only a guitar**, I don't have a piano. / Gitara ihany no ananako fa tsy manana piano aho.
- I play the guitar **only on weekends**. / Faran'ny herinandro ihany aho vao mitendry gitara.

Raha toa ka mipetraka amin'ny faran'ny fehezan-teny kosa ny "only" dia manamafy ny teny mialoha azy.

- I like going to the movie with **my girlfriend only**. / Ny sipako ihany no tiako iarahana rehefa mandeha any amin'ny sinema.
- My child has milk and bread **for breakfast only**. / Eo amin'ny sakafo maraina ihany ny zanako no mihinana ronono sy mofo.

### Example phrases / Fehezanteny ohatra

- Only Mr. Anderson attends the meeting. / Ramose Anderson ihany no manatrika ny fivoriana.
- Only you can find a solution for this problem. / Ianao irery ihany no mahita vahaolana amin'io olana io.
- I only know his name. / Fantatro fotsiny ny anarany.
- They only work together; they are not lovers. / Miara-miasa fotsiny izy ireo fa tsy mpifankatia.
- She loves only her children. / Ny zanany ihany no tiany.

**apple:** paoma

**party:** fety

**work:** miasa

**have:** manana

**guitar:** gitara

**family:** fianakaviana, ankohonana

**but:** nefa

**can't:** tsy mahay, tsy afaka

**play:** milalao, mitendry

**piano:** piano

**play the guitar:** mitendry gitara

**weekend:** faran'ny herinandro

**like:** tia

**go:** mandeha

**movie:** sinema, sarimihetsika

**girlfriend:** sipa (vavy)

**child:** zanaka

**has (v to have):** manana, azo ampiasaina anoloana ny verbs "to eat" na "to drink"

**milk:** ronono

**bread:** mofo

**breakfast:** sakafo maraina

**attend:** manatrika

**meeting:** fivoriana

**find:** mitady, mahita

**problem:** olana

**know:** mahalala, mahafantatra

**name:** anarana

**together:** miasa

**lovers:** mpifankatia

**love:** tia

**children (plu child)**

- My pet cat eats only meat and fish. / Hena sy trondro ihany no hanin'ny sakako.
- It's raining only in the west part of the country. / Any amin'ny faritra andrefan'ny firenena ihany no avy orana.
- I like dancing only at a party. / Any anaty fety ihany aho no tia mandihy.

Raha toa ka ampiasaina amin'ny filazam-potoana kosa ny "only" dia azo adika amin'ny teny Malagasy hoe "raha tsy...", tahaka ny hita amin'ny ohatra eto ambany.

- I go to bed only at midnight. / Tsy matory aho raha tsy sasan-kalina.
- Dad gets home only at 6 o'clock. / Tsy mody i Dada raha tsy amin'ny 6.

**pet:** biby mpiara-monina  
**eat:** mihinana  
**meat:** hena  
**fish:** trondro  
**rain:** orana, avy orana  
**west:** andrefana  
**part:** faritra  
**country:** firenena  
**dance:** mandihy  
**bed:** fandriana  
**go to bed:** mandeha matory  
**midnight:** sasan-kalina